**A Ny fahendren'Andriamanitra**

- Nampiasa ny fahendren'olombelona i Paoly, tany Atena, mba handresena lahatra ireo olon-kendry. Nanomboka teo dia nanapa-kevitra izy fa tsy hampiasa afa-tsy ny fahendren'Andriamanitra ihany.
- Andriamanitra mihitsy no naniraka azy hitory ny hafatra "tsy amin'ny fahendrena sy ny fahaiza-miteny, fandrao ho foana ny herin'ny hazo fijalian'i Kristy" (1 Kor. 1:17).
- Inona ny fahendren'Andriamanitra notorin'i Paoly?
- Mifanohitra tanteraka amin'ny lojikan'olombelona, fa ny fahendren'Andriamanitra dia "ny fahadalan'ny fitorian-teny no hamonjeny izay mino" (1 Korintiana 1:21).

**B Ny fahadalan'ny hazo fijaliana**

- In-dimy no ampiasana ny teny grika hoe "*mōria*" (adala, fahadalana) ao amin'ny 1 Korintiana:18; 1:21; 1:23; 2:14; 3:19.
- Fahadalana ho an'izay ho very ny hazo fijaliana; ho an'izay tsy mahalala an'Andriamanitra (Jentilisa); ho an'ireo izay tsy mihevitra afa-tsy izao tontolo izao (olona araky ny nofo); ho an'ireo izay fehezin'ny fahendreny ihany.
- Fa fitahiana ho an'izay hovonjena kosa ny hazo fijaliana, izany hoe ho an'izay vonona ny hijery ny hazo fijaliana amin'ny fomba fijerin'Andriamanitra.

**D Ny herin'Andriamanitra**

- Ny hazo fijaliana dia manana hery izay maneho ny ratsy indrindra amin'ny olombelona sy ny tsara indrindra amin'Andriamanitra (1 Kor. 1:18).
  - Ny ratsy indrindra ao amin'ny olona: fahadalana; fandavana; fandringanana ny tenany; fahaverezana.
  - Ny tsara indrindra ao amin'Andriamanitra: hery; fanekena; famelan-keloka; famonjena.
- Ireo izay mandà ny hazo fijaliana dia hijinja ny vokatry ny ratsy nataony, ary amin'ny farany dia ho ringan'Ilay efa nolaviny.
- Ny herin'Andriamanitra, izay naseho teo amin'ny hazo fijaliana, dia afaka mampihavana ny olona amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny famelana ny fahotany rehetra, sady manome azy fiainana mandrakizay (Kol. 1:20; 1Pet. 2:24).

**E Ny teny ny amin'ny hazo fijaliana**

- Nahoana no hadalana ny fitoriana ny hafatry ny hazo fijaliana (1 Korintiana 1:21-24)?
- Niandrandra Mesia izay hanafaka azy ireo amin'ny fampahorian'ny Romana ny Jiosy. Rehefa nanambara i Jesosy fa hohomboana amin'ny hazo fijaliana Izy, dia rikoriko ny mpianany. Ankoatra izany, ho an'ny Jiosy, ny olona mihantona amin'ny hazo dia olona voaozon'Andriamanitra (Deoteronomia 21:23). Ho an'ny Jentilisa, izay tsy niandrandra Mpanavotra akory, dia mitovy ihany ny fehin-kevitra: fahadalana ny hazo fijaliana.
- Na izany aza, ho an'ny anjely, ny hafatry ny hazo fijaliana dia zavatra hafa tanteraka. Jesosy, Izay fantatr'izy ireo tany an-danitra, dia nanolo-tena hovonoina noho ny fitiavany taranaka iray izay nandà Azy. Izany no fomba fijery tian'i Paoly hampitaina amin'ny alalan'ny fitoria-teniny.
- Ny hafatry ny hazo fijaliana no maneho ny halehiben'ny fahavononan'Andriamanitra hanolotra antsika ny famonjena.

**F Ny fahadalana sy ny fahalemen'Andriamanitra**

- Adala ve sa malemy Andriamanitra (1 Kor. 1:25)?
- Mazava ho azy fa tsia, satria tsy misy tsy fahatanterahana ao amin'Andriamanitra. Manao fampitahana ara-panoharana ihany i Paoly: Raha manana fisainana adaladala Andriamanitra, dia ho hendry noho ny fahendrena ambony indrindra ananan'ny olona Izy; na raha misy tohan-kevitra malemy ao amin'Andriamanitra, dia ho mahery lavitra noho ny tohan-kevitra mahery indrindra ananan'ny olona izany.

- Raha atambatra ny fahendrena rehetra avy amin’ny olona hendry indrindra dia tsy mahavita mamorona drafi-panavotana hamonjena ny olombelona.
- Andriamanitra irery ihany no afaka manome fanavotana, amin’ny alalan’ny herin’ny soron’i Jesosy teo amin’ny hazo fijaliana, "amintsika izay hovonjena" (1 Kor. 1:18); "izay mino" (1 Kor. 1:21); sy "izay voantso" (1 Kor. 1:24).
- Mariho fa izay mino an'i Jesosy ho valin'ny antson'ny Fanahy Masina ihany no ho voavonjy.